MINOA AVY AO AMIN'NY FO

[Mamaky ny Jakoba 5:12 Rahalahy Branham eo amin'ny fanombohan'ny horonam-peo—Mpand.]

. . .na amin'izay fianianana hafa akory aza: fa aoka ny eninareo ho eny; ary ny tsianareo ho tsia; fandrao ianareo hiharan'ny fitsarana.

Misy ory ve eo anivonareo? aoka izy hivavaka. Misy faly ve? aoka izy hihira ny salamo.

Misy marary ve eo anivonareo? aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka ireo hivavaka ho azy, hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo:

Ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy an'ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha toa izy ka nanota, dia havela aminy izany.

Mifaneke heloka ianareo, ary mivavaha ianareo ho an'ny hafa, mba ho sitrana ianareo. Fa *ny fiasan'ny fivavaky ny olona marina dia mahery indrindra.*

Elia *dia olona tahaka antsika ihany, ary nahery nivavaka izy mba tsy hilatsahan'ny orana: dia tsy nilatsaka tamin'ny tany ny orana* nandritry *ny fotoana telo taona sy enim-bolana.*

Ary nivavaka indray izy, ary nandatsaka orana ny lanitra*, ary namoaka ny vokany ny tany.*

Ry rahalahiko, raha misy eo aminareo miala amin'ny fahamarinana, ary anankiray mampibebaka *azy;*

Aoka ho fantany, fa izay mampibebaka ny mpanota hiala amin'ny làlan'ny fahadisoany dia hamonjy fanahy iray tsy ho faty, sady hanarona heloka *betsaka.*

2 Ao amin'ny toko farany an'ny Bokin'i Marka. Ny toko faha-16, ary ny andininy faran'ny toko faha-16 an'i Masindahy Marka, vakiantsika ireo Teny ireo.

Rehefa izany, *dia niseho tamin'ny iraika ambin'ny folo lahy izy raha nipetraka nihinana izy ireo, ary nanome tsiny azy ireo noho ny tsi-finoany sy ny hamafin'ny fony, satria izy ireo tsy nino . . .* azy izay nitsangana tamin'ny maty.

Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe, Mandehana ianareo any amin'izao tontolo izao, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.

Izay mino sy hatao batisa no hovonjena; fa izay tsy mino no hohelohina.

Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; Amin'ny anarako izy ireo dia *handroaka devoly; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo;*

Handray menarana izy ireo; ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany; hametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireny.

3 "Ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika ao amin'ny vavaka isika, ndao isika rehetra, miaraka, amin'ny fanaontsika, ary ny olona rehetra amin'ny fanaony, ndao isika hivavaka ny vavaky ny finoana ho an'ireto olona marary ireto izao maraina izao. Avy eo dia handeha hametra-tànana eo amin'izy ireo aho, miaraka amin'ireo loholona. Amin'izay fotoana izay dia nanao tanteraka an'izay nolazain'ny Tenin'Andriamanitra isika. Satria, eo amin'izany no tena hidirako, ao amin'ny Hafatro.

Ankehitriny ndao isika hivavaka.

4 Rainay An-danitra, raha mitondra an'izany hira izany eo Aminao izahay, ilay feon-kiran'ny *Minoa Fotsiny*, dia izany no maneho Aminao ny fihetseham-ponay manatona ny Teninao. Ary raha efa voahosotra ny marary araka ny Teninao, ka handeha hivavaka an'izao vavaky ny finoana izao izahay ankehitriny, ny tsara indrindra amin'ny fahalalanay, mba hankato ny Didinao. Ary fantatray, na dia ao amin'ny fahalemenay aza, dia mihoatra noho ny mandresy ny fahalemenay Ianao miaraka amin'ny Herinao sy ny fahatsaranao. Ary noho izany dia hitondra an'ireo loholona hidina izahay, mba hametra-tànana eo amin'ny marary, manatanteraka ny iraka rehetra izay fantatray fa nomena anay tamin'ny alàlan'ny Tomponay.

5 Ary mivavaka izahay, Tompo, mba hahitanay fitia eo Imasonao, taorian'ireo taona rehetra ireo, fa mbola miezaka mankato ny Didinao izahay. Ary ankehitriny dia mivavaka aho, miaraka amin'ity andiany kely ity izao maraina izao, araka ny Nanirahanao anay, fa mila zavatra izy ireo, ireto olona izay eto ireto mba hivavahana. Ary manolotra an'izao vavaka izao izahay ho an'ny tsirairay amin'izy ireo. Ianao no mahafantatra ny fony ary Ianao no mahafantatra ny faniriany.

6 Ary mivavaka an'ity vavaky ny finoana ity aho, miaraka amin'ity fiangonana ity, mba Hanehoanao amin'izy ireo ny faniriana rehetra izay ananany. Enga anie izany ho lasa zava-misy anankiray izao ankehitriny izao. Ary enga anie, raha mandao an'ity fiangonana ity izy ireo, androany, enga anie izy ireo handeha tahaka an'i Abrahama fahiny, niantso an'ireo soritr'aretina ho toy ny hoe tsy nisy izy ireny, ary handà ny zavatra rehetra izay mety hanohitra an'ilay fitahiana izay

nangatahanay. Ianao no nampanantena ao amin'ny Teninao fa hiseho izany, ary mino an'izany izahay.

7 Ankehitriny, miaraka amin'ireto lehilahy ireto izay Nofidianao sy nantsoinao ho mpitoriteny sy loholona, dia handeha izahay hametra-tànana eo amin'izy ireo raha izahay fotsiny . . . rehefa avy nataonay batisa izy ireo. Ary nosorana izy ireo. Voatolotra ilay vavaky ny finoana, ary ireo tànana mipetraka eo amin'izy ireo. Mivavaka izahay mba hijeren'ny finoan'izy ireo Anao ankehitriny, O Andriamanitra Tsitoha, ka ho tsara. Amin'ny Anaran'i Jesosy no hivavahanay.

8 Ankehitriny, dia mangataka ny loholona aho, ho tonga eto mihitsy eo amin'ilay laharana, raha mametra-tànana amin'izy ireo isika. Ary raha ny tsirairay no mametraka ny tànanareo eo amin'ny . . . [Elanelana tsy voaraki-peo. Mivavaka ho an'ny marary Rahalahy Branham sy ireo mpitoriteny—Mpand.]

9 Omeo ahy ny fifantohanareo tsy voazarazara, mandritry ny fotoana vitsy monja, raha sitrakareo. Tsy miezaka ny haka fotoana betsaka aho, raha apetrako eto ny famantaranandroko, mba hahazoana antoka.

10 Ary, Rahalahy Beeler, ataoko fa ao amin'ny fandraisam-peo ianao, ery amin'ny farany ery. Ary Leo sy Gene dia tsy eto. Noho izany dia tiako ianao, raha sitrakao, handray feo an'izao fijoroana vavolombelona izao izay homeko afaka minitra vitsy, mba halefa any amin-dRahalahy Boze, izy no haka an'izany.

11 Maniry aho ny hamaky, izao maraina izao, avy ao amin'ny—ny Bokin'i Masindahy Marka, ny toko faha-12. Haka ampahany anankiray amin'izany isika ka hamaky Azy, ary satria Izany dia Tenin'Andriamanitra masina, tsy mifangaro. Ary mino isika fa ao amin'ny Teniny Andriamanitra. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary mivavaka isika mba hanampian'Andriamanitra ny Fitahiany amin'Izany, raha mamaky Azy isika, ary azoko antoka fa hanao Izy.

12 Ary avy eo dia haka ampahany iray hafa avy amin'ny Teniny aho, avy ao amin'ny Asa, ny toko 1. Ary hamaky isika izao. Ary hangataka amin'ny Tompo aho raha hanampy ny Fitahiany Izy amin'ny—amin'ny famakiana ny Teniny.

13 Nijery teto fotsiny aho. Ary manana marika iray aho eto amin'ny—amin'ny Baiboliko, izay tiako vakiana, aloha, saingy tsy heveriko fa mety ho hitako mihitsy ilay izy amin'izao fotoana izao. Mamelà ahy fotsiny vetivety, mandra-pahitako azy, raha vitako. Nihevitra aho fa nananako ilay izy.

> . . . Hoy Jesosy *tamin'izy ireo hoe, Manàna finoana an'Andriamanitra.*
>
> *Fa lazaiko aminareo marina tokoa,* Raha ianareo *no hilaza* amin'*ity tendrombohitra ity hoe, Aoka* hifindra . . . ; *ary* tsy *hisalasala ao am-p*onareo, *fa* . . .

hino fa ireo zavatra izay lazainareo dia *hiseho; dia ho azo*nareo izay lazainareo.

14 Ankehitriny, ao amin'ny Asa, ny—ny toko 1 ary ny andininy faha-8.

Fa hahazo hery ianareo, rehefa milatsaka eo aminareo ny Fanahy Masina: ary ianareo no ho vavolombeloko any Jerosalema, sy any . . . Jodia, sy any Samaria, ary hatrany *amin'ny* faran'*ny tany.*

15 Tiako ny hisintona ny fifantohanareo amin'ny Tenin'ny Tompo, izao maraina izao, vetivety fotsiny ihany. Ary tiako ianareo hanome ny fara-fifantohanareo amin'Izany. Henoy tsara. Ilay teti-bidin'ity Teny ity!

16 Taorian'ny asa-panompoana dimy amby roapolo taona ho an'ny Tompo, tao amin'ny Asany sy tao amin'ny Teniny; ary taorian'ny nahavitan'izany, tonga ao amin'ny faharoa ambin'ny folo taonako teo amin'ny fitoriana ny filazantsara maneran-tany; ary noho ny fahasoavan'Andriamanitra, hatramin'ny fihaonana an'aliny tamin'ny—tamin'ny olona; ka nahita ny Tompontsika tao amin'ny asa-pitorianay manokana, nahazo, ankehitriny araka ny hitako, ho Azy, manakaiky ny olona roa tapitrisa, na dimy hetsy sy iray tapitrisa, any ho any tao amin'izany, tao amin'ireo fivoriana. Tonga eto amin'ity fehin-kevitra ity aho, ary avy amin'ireo ezakay rehetra, sy ny sisa. Tsy mety amin'Andriamanitra ny manao na inona na inona ho an'ny olona raha tsy efa tena fantatry ny olona tsara aloha na izany no Fahamarinana na tsia. Tsy vitanareo mihitsy izany. Tsy mampaninona . . .

17 Nahita an'ireo sangan'asa lehibe an'ny Tompontsika aho, tao amin'ny—ny Teny, izay afaka nanazava ny Teny tsaratsara kokoa noho ny anankiray izay efa hitako, kanefa tsy afaka nanao an'ilay fandaharana hifarana.

18 Ary tonga ato an-tsaiko, izao maraina izao, ny lehilahy anankiray izay heveriko fa manana ny anankiray amin'ireo fandaharan'ny radio tsara indrindra eo amin'ny onjam-peo. Saingy misy, na izany aza, lehilahy izay tsy afaka mampita ny fandaharany ao. Dr. Wyatt izany, tena mpampianatra anankiray. Fa misy zavatra tsy mety; tsy fantatro hoe aiza ilay izy. Manana fahitana izy, manana hevitra izy, manana ny fahafaha-manao izy, saingy tsy afaka manetsika fotsiny an'ilay fandaharana izy, na izany aza. Ilay fandaharana izay ananany dia tena eo amin'ny Teny tokoa, ary izany no tsy maintsy hitondra an'izao tontolo izao handohalika.

19 Ary nahita aho teto, vao tsy ela akory izay, tao Louisville, rehefa nahita an'i Dr. Mordecai Ham aho sy ny maro amin'ireo teolojiana malaza izay fantatro, izay mpitoriteny tsara lavitra noho ilay tanora valo amby telopolo-na efapolo taona, evanjelista menavolo nandeha teo amin'ilay lampihazo,

nandalo an'ireo lehilahy, ary naka toerana teny aoriana izy ireo. Ary nijoro teo izy tamin'io alina io, tsy am-pahafolo na am-pahazaton'ny mpitoriteny akory ireo lehilahy izay nipetraka taoriany, na dia nanana ny fandaharan'Andriamanitra aza izy ary nametraka an'izany: Billy Graham.

20 Voamariko ireo zavatra ireo. Ary teo am-panamarihana azy ireo, dia tonga teo amin'ity fehin-kevitra ity aho. Tsy mampaninona izay maha-izy anareo, Andriamanitra no tsy maintsy mikarakara ny mpanatrika. Ary tsy mampaninona raha hitsangana eto aza aho izao maraina izao ka hitondra ny maty ho amin'ny fiainana, sy hitondra ny mandringa ho amin'ny toerany ara-dalàna, ary, kanefa, tsy ao amin'ilay fandaharana Andriamanitra, dia tsy ho lasa na aiza na aiza izany. Andriamanitra no tokony ho ao anatin'ilay fandaharana.

21 Ary ny olona tsirairay, dia fantatra, ny toetrany dia fantatra amin'ny alàlan'ireo asany. Tsy mampaninona izay maha-izy azy, ireo asany no manaporofo ny toetrany. Raha maka olona anankiray ianareo, tsy mampaninona izay ezahany ho tsara, raha ratsy ireo asany, ny fahatsarany rehetra dia tsy hisy vidiny mihitsy. Ary ny tenin'ny olona anankiray dia ny toetrany. Ny olona iray izay ratsy ny teniny, dia tsy hanana fahatokiana ao amin'izany olona izany mihitsy ianareo, satria tsy tsara ny teniny.

22 Koa, noho izany, Andriamanitra, ilay Raintsika, ny Toetrany sy ireo Asany dia manaporofo hoe inona Izy. Ankehitriny, fantatsika fa ity izao tontolo izao ity dia tonga teto tamin'ny alàlan'ny Mpamorona lehibe anankiray. Tsy mety ho tongatonga ho azy fotsiny izany.

23 Ankehitriny, tiako ho tena tsotra arak'izay tena maha-izy azy izao mandritry ny fotoana vitsy. Saingy tiako ho azonareo ilay izy, amin'ny fivavahana mba ny Fanahy Masina no hanetsika an'ilay izy marina ao anatin'ny hazavana izay an'izany.

24 Ankehitriny, raha hijery fotsiny ianareo dia hahita ny hazo mitombo; sy ireo sampana ary ireo ravina, toy ny ahoana no ahatongavany sy hahalasanany, ary ireo voninkazo; ny lohataona, ny fihintsanana, ny ririnina, ny fahavaratra. Tsy maintsy misy zavatra anankiray ao ambadik'izany. Tsy nety nisy hazo anankiray raha tsy nisy fahalalana iray hanao an'ilay izy ho hazo anankiray. Tsy mampaninona izay karazana aina ho ao anatiny, tsy maintsy misy, ao ambadik'izany, fahalalana anankiray hanao azy ho izany.

25 Ankehitriny eritrereto izany, izao ankehitriny izao. Aza avela handeha fotsiny izany. Eritrereto izany, lalina. Fa, raha voamarikareo ny leson'ny Soratsika, hoy Jesosy hoe, "Raha milaza ao am-ponareo ianareo!"

26 Tsy hoe ao amin'ny fahalalanareo; tsy hety mihitsy eo izany. Tsy mampaninona na impiry no ezahanareo hampandeha

an'izany, fa tsy handeha izany, satria ara-tsaina ilay izy ary manana fiafarana anankiray.

27 Fa rehefa ny zavatra no Mandrakizay, dia tsy manana fiafarana izy, ary tsy manana fiandohana izy. Ny zavatra manana fiafarana anankiray, fiandohana, dia manana fiafarana anankiray. Fa izany dia ireo zavatra ireo fotsiny izay tsy manana fiandohana. Ary Andriamanitra irery ihany no tsy manana fiandohana sy tsy manana fiafarana. Ary, noho izany, mba hananana an'ireo zavatra izay tsy manana fiandohana ireo, dia tsy maintsy misy zavatra anankiray tsy misy fiandohana, hanomboka an'ilay fiandohana.

28 Ny hazo voalohany izay hany natao, izany dia tahaka an'ilay anankiray izay nozonin'i Jesosy eto. Hoy Izy, "Tsy hisy voa intsony hitsiry eo aminao manomboka izao. Tsy hisy olona hihinana avy aminao intsony." Tsy maintsy nisy, tany ho any, io hazo io dia tsy maintsy nanana fiandohana anankiray. Ary nanana fiafarana anankiray izy; rehefa ireo teny, izay avy tamin'ny molotr'ilay Anankiray Izay nanome azy ny fiandohana, no nitondra azy ho amin'ny fiafarana. Noho izany, dia hitanareo hoe toy ny ahoana no maha-Mandrakizay an'ireo Teniny.

29 Fa nanaiky fotsiny an'ilay Teny teo amin'ny fototra ara-tsaina isika. Ary nahita tsy fahombiazana betsaka, hany ka izany no nitondra ny olona teo amin'ny toerana iray izay zara raha hahafantaran'izy ireo fotsiny hoe inona no inoana. Nahazo fiafarana tsy voafehy betsaka fotsiny izy ireo teo amin'ireo—ireo fivavahany. Mivoaka eo amin'ireo sampana amin'*ity* làlana ity izy ireo, ary ireo sampana amin'*itsy* làlana itsy, izay tonga eo amin'ny fiafarana, ary indro izy ireo fa miverina mandady. Raha vao misy hetsika lehibe manomboka dia mivoaka izy ireo tahaka an'ireo Metodista, ireo Batista, ary ireo Pentekotista, sy ny sisa. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia mandray hevitra ara-tsaina anankiray izy ireo, ary dia mivoaka any amin'ilay sampana ary dia manana fotoana lehibe iray izy ireo. Saingy, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia mahita ny tenany any amin'ilay farany izy ireo.

30 Fa ny zavatra tokana izay hany maharitra, dia ireo zavatra Mandrakizay, ary ireo zavatra Mandrakizay dia Andriamanitra.

31 Ankehitriny, raha voamarikareo, ny olona iray fantatra amin'ny alàlan'ny—ny toetrany dia fantatra amin'ny alàlan'ireo asany. Raha hieritreritra isika ny amin'ny anehoan'Andriamanitra ny Toetrany tamin'ny alàlan'ireo Asany. Manana ny Toetrany Manokana Izy, ary Izy no nanao an'ireo Asany. Ary raha mijery an'ireo Asany ianareo, dia lehibe toy ny ahoana izy ireny!

32 Ankehitriny dia mamelà ahy hiaika ny siantifika rehetra eto amin'izao tontolo izao mba hanamboatra hazo anankiray. Mamelà ahy hiaika ny siantifika rehetra eto amin'izao tontolo

izao hanao ho ahy zavatra kely anankiray, singan'ahitra tsotra. Fa tsy mety ho vita mihitsy izany.

33 Eny, izany dia toy ny hoe, arak'izany, eo ambonin'ny fieritreretana an'ireo zavatra ireo, dia mety misy toerana iray, amin'ny alàlan'ny famakiana ny Teny, finoana iray izay handeha hihoatra an'ireo fiheverana ara-tsaina, ao anatin'ny fo. Hoy Jesosy hoe, "Raha hilaza ao am-ponareo ianareo!"

34 Ankehitriny, lasa tena mikorontana tanteraka isika ao amin'ny saintsika, ary mivoaka isika dia manao hoe, "Oh, nahita an'*izany* tanteraka aho. Eny. Izaho dia . . . " Ary afaka fotoana fohy, dia mitsambikina fotsiny ilay izy, mandingana, sy ny sisa, saingy ilay izy dia toy ny hoe tsy afaka mihetsika tsara. Izany dia satria isika no miezaka manafangaro an'ilay ara-tsaina amin'ilay ivelan'ny voajanahary. Tsy misy ifandraisany ireo, tsy misy mihitsy. Ireo ara-tsaina dia hiteny zavatra anankiray, ary ny ivelan'ny voajanahary dia hiteny zavatra hafa.

35 Ary ny olona tsirairay izay efa notarihin'ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy haka fisainana avy amin'ny ara-tsaina mihitsy, fa voatarika avy ao amin'ny fony izy amin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy azo izy. Hoy ny olona hoe, "Oh, ahoana no nahatonga an'izany?"

36 Izao ankehitriny izao dia maharay taratasy sy antso an-telefona aho, "Ny tianao ho lazaina ve, Rahalahy Branham, dia hoe tsy tokony handeha any am-pitan-dranomasina ianao? Taorian'izao zavatra lehibe rehetra izao . . . "

37 Fa, toa tahaka ny mahafinaritra ilay izy, saingy misy Zavatra ato anaty ato, manao hoe, "Mitandrema tsara."

38 Ary, noho izany, dia tsy mijery an'izay hitantsika isika. Mijery an'ireo zavatra izay tsy hitantsika isika, fa, izay lazain'Andriamanitra ao amin'ny fo. Ary raha afaka mitandrina an'ireo zavatra ireo isika, dia mihoatra noho izany ny amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Raha nanao ny teny fikasana Andriamanitra, ary mifantsika ao anatin'ny fo izany, eny, inona intsony no soa ilaintsika an'ireo ara-tsaina? Tsy mijery ny fanaintainako aho. Tsy mijery an'ireo soritr'aretiko aho. Mijery an'izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'izany aho. Satria, alohan'ny rehetra, dia Izy no Mpifehy, ary Mpifehy faratampony. Raha ny dokotera no milaza an'*izao-sy-izao* . . .

39 Ankehitriny, raha miezaka hihambo amin'izany ianareo, dia tsy handeha izany. Raha miezaka handanjalanja an'ilay izy ianareo ao amin'ny sainareo, manao hoe, "Eny, marina ny Tenin'Andriamanitra. Mino an'Izany aho. Mino aho fa hitranga izany. Mihevitra an'*izany* aho." Ankehitriny, raha ara-tsaina izany, dia mety aminareo fotsiny ny manajanona ny fiheverana an'ilay izy.

40 Mandra-pahatongan'ny Zavatra anankiray hidina ao anatinareo ao, hilaza mihitsy hoe izany no izy, ary izay ihany no

amin'ilay izy. Tsy misy demony avy ao amin'ny fampahoriana ampy hanongotra an'izany mihitsy avy ao aminareo. Izany dia Zavatra ao anaty, antsoina hoe ny "fo." Ao no ahitan'ny finoana marina ny toeram-pitsaharany.

41 Ireo ara-tsaina dia hiezaka handanjalanja mikasika an'izany. "Ankehitriny aoka isika hahay handanjalanja mihitsy." Fa ny finoana dia tsy manana fandanjalanjana. Manana zavatra anankiray fotsiny izy, ary, izany dia hoe, marina ny Tenin'Andriamanitra. Oh, eo amin'izany no ametrahan'ny fanahy ny tongony, ary mijanona Mandrakizay eo mihitsy izy, satria Andriamanitra no niteny an'izany. Tsy hambo anankiray, fa fahafantarana an'ilay izy.

42 Ary ny tany, amin'ny maha-asan'Andriamanitra azy, dia milaza tanteraka sy manambara ny maha-Izy Azy. Tsy maintsy nisy Andriamanitra anankiray, raha tsy izany dia tsy nisy tany. Tsy maintsy nisy ny Mpamorona anankiray, raha tsy izany dia tsy nisy ny famoronana. Ary raha ity Teny ity, izay Namoronany ny tany, no manome ny teny fikasana, dia tsy maintsy mamorona tanteraka an'izay noforonin'ity tany ity izany, amin'ny alàlan'ny Teniny, tany amin'ny fiandohana.

43 Rehefa hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy," ary mety nila an'aliny tapitrisa taona izany. Tsy fantatro hoe nila hafiriana izany. Fa na firy na firy nilain'izany, tsy midika na inona na inona izany, satria Mandrakizay Andriamanitra. Ary hoy Izy hoe, "Aoka hisy," dia nanomboka nitombo izany, satria Andriamanitra no nandray ny Teniny Manokana ary nino.

44 Ary raha ny Tenin'ny Famoronany, ny Asany eto, no manaporofo fa Izy no Mpamorona, dia nahoana isika no tsy afaka mandray ny Teniny arak'izay lazain'Izany ka mino an'Izany? Satria, Izany ihany ilay Mpamorona ny Teny. Ankehitriny, ireo Asany no vavolombelona.

45 Ary, ankehitriny, talohan'ny nahafahan'Andriamanitra, ilay Tokana tsy mety diso, niteny zavatra anankiray, dia tsy maintsy lavorary izany. Satria, izany dia afaka fotsiny—izany dia afaka fotsiny. . . Raha avy amin'Andriamanitra izany, dia avy amin'ny fantsona lavorary anankiray izany.

46 Ankehitriny mariho izao. Ny olona rehetra, ny zavatra rehetra, ny olona dia fantatra amin'ireo asany.

47 Rehefa voaorina ilay Tetezana Monisipaly tao Sydney, Australie, rehefa nandefa nanerana an'izao tontolo izao izy ireo mba hahazoana mpanorina tetezana, mpanao mari-trano, ary avy amin'izay hiampitana an'ilay nosy kely ao—ao Sydney, Australie, mba hitety hatrany Sydney Atsimo. Tonga ireo mpanao mari-trano sy izy rehetra, ary nangady ny tany sy nitsapa an'ilay izy. Ary izy rehetra dia tonga teo amin'izao fehin-kevitra izao, "Tsy azo atao io." Hoy izy ireo, "Ny helidrano manontolo dia feno fasika miletsy. Ary ny tany dia tsy

hitambatra mafy. Hifindrafindra toerana izany. Noho izany, raha ho voaorina ilay tetezana, dia ho zavatra anankiray mampidi-doza ny manandrana hiampita amin'izany."

48 Ary farany dia nisy lehilahy anankiray izay olon'ny fahitana iray, mpanorina tetezana iray tany Angletera. Tonga teo izy. Ary nojereny ilay fasika. Izy—izy no nandinika an'ilay izy. Nitsapa an'ilay tany izy. Nosedrainy ny rano. Nandinika an'izany rehetra izany izy, aloha.

49 Oh, tiako izany. Nandinika an'izany rehetra izany izy, aloha. Hoy Jesosy hoe, "Ny lehilahy iray izay hividy tany, na handeha hihaona amin'ny tafika anankiray, dia mipetraka izy aloha ary mihevitra ny teti-bidiny." Ny tsirairay aminareo eto amin'ny alitara izao maraina izao, dia tokony hipetraka amin'ny sezanareo alohan'ny hahatongavanareo mba hosorana, ary tokony hihevitra hoe inona no dikan'izany. Tsy tokony hoe mandeha fotsiny eo amin'ny laharam-bavaka anankiray izany, kisendrasendra. Tsy maintsy mandeha eo miaraka amin'ny fahatokiana mafy izany, hoe, Andriamanitra no nampanantena an'izany ary Andriamanitra dia mahay mihazona ny Teniny.

50 Noho izany, dia nitsapa ny tany ity lehilahy ity. Notsapainy ny . . . ny fanambaniny tsirairay tao amin'izay nisy an'ilay fasika miletsy. Ary, farany, dia nandeha tany amin'ireo tompon'andraikitra izy. Hoy izy hoe, "Izaho no hanorina an'ilay tetezana, ary ho azo antoka ilay izy."

51 Ireo mpanorina tetezana avy tao Amerika sy avy tamin'ireo am-pahan'ny tany samihafa dia nihomehy fotsiny ary nanao hoe, "Marary saina ilay lehilahy. Tsy misy olona afaka mametraka tetezana anankiray miampita an'io." Hoy izy, "Na dia akohovavy anankiray aza tsy ho afaka handeha eo amin'ilay tetezana izay haorina, hilentika izany. Tsy hahatanty an'izany ilay tetezana. Ireo fihovitrovitrin'ny alika mihazakazaka miampita an'ilay tetezana aza, izay hanovitrovitra ny tetezana," hoy izy ireo, "dia hanozongozona an'ireo fasika, ary hilentika ilay tetezana. Tsy azo atao io."

52 Fa ity lehilahy ity dia olon'ny fahitana, ary fantany izay lazainy, satria nisy zavatra anankiray tao ambaniny tao izay niteny taminy fa vitany ny manao an'io.

Andriamanitra, omeo anay ato amin'ny fiangonana ny lehilahy, tahaka an'izany!

53 Ankehitriny, avy amin'ireo fikarohana siantifika rehetra, hoe, tsy azo atao izany, ny siansa no nanaporofo fa tsy azo atao izany. Fa ity lehilahy ity dia nanana fahitana anankiray fa vitany ny manao an'io, noho izany dia nalainy ilay fifanekena.

54 Nandeha niasa haingana izy. Nandeha nitsapa an'ireo tany izy. Nandeha izy mba hitsapa, ary nisedra ireo halalin'ny fanambanin'ilay fasika miletsy. Notsapainy ny bilao tsirairay. Notsapainy ny tsirairay tamin'ny tapaky ny—ny hazo, ny tapaky

ny vy tsirairay, ny fangaron-tsimenitra tsirairay. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tena voatsapa tsara avokoa. Satria, ny—ny anarana malazany, ary ny toetrany sy ny fahaiza-manaony, dia mipetraka eo amin'ny hoe na hijoro io tetezana io na tsia.

55 Ary raha ny olon'ity tany ity, amin'ny alàlan'ny fahitana anankiray, no hahazo antoka fa ny zavatra rehetra dia tsara tsapa avokoa mialohan'ny hametrahany an'izany eo amin'ny tetezana anankiray, noho ny toetrany sy noho ny anarany, dia tsy mihoatra lavitra noho izany ve no nanaovan'ilay Raintsika any An-danitra malaza fitsapana ny Teny tsirairay izay voalaza sy voasoratra ao amin'ny Baiboly. Notsapainy avokoa ny Teny tsirairay, ny mpaminany tsirairay. "Fa ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy zahan-toetra." Ny fitaovana izay miditra ao amin'ity Làlambe goavana ity, ny vato tsirairay, ny fitaovana tsirairay, mialohan'ny hipetrahany ao amin'ny—ny Vatan'i Kristy, dia tsy maintsy zahan-toetra, nodiovina. "Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy zahan-toetra aloha." Tsy misy fanavahana; ny tsirairay avy! Ny mpaminany tsirairay, mialohan'ny nahafahany nanoratra an'ity Baiboly ity, dia notsapain'ny Fanahy Masina izy. Tahaka azy fotsiny . . .

56 Ilay mpanorina tetezana, miala tsiny aho, adinoko ny anarany. Fantatro ilay izy. Andro vitsy lasa izay, dia namaky an'ilay lahatsoratra aho, hoe ahoana no nitsapany ny zavatra tsirairay. Nanana an'ireo mekanisiana tsara indrindra izay hitany izy. Nanana ny olona mpanao fangaron-tsimenitra tsara indrindra izy. Nanana ny tsara indrindra izay hitany izy, mba hametraka miaraka ny tsara indrindra izay nananany.

57 Oh, ny fanahiko dia te-hihika hoe "haleloia" ho an'Andriamanitra, rehefa mieritreritra aho fa Andriamanitra dia mametraka ao amin'ny Fiangonany ny tsara indrindra izay mety ho Hitany. Maka an'ireo Zanany Andriamanitra ary mitsapa azy ireo miaraka amin'ny asidra fitsapana, avy eo dia Apetrany ao amin'ny Vatan'i Kristy izy ireo satria voatsapa izy ireo. Mino izy ireo. Nandalo tao amin'ireo fizahan-toetra izy ireo. Nanana an'ilay fahatsapana izy ireo. Vavolombelona ny Aminy izy ireo. Fantatr'izy ireo izay lazainy. Tsy hoe fiheverana ara-tsaina anankiray akory, fa nateraka indray izy ireo, avy amin'ilay Fanahy Masina sarobidy, ary notsapaina isam-potoana sy nozahan-toetra, mandra-pahatongan'ny fanahin'izy ireo ho tafatoetra tahaka ny afovato nankeny Kalvary. Eny, notsapaina isam-potoana izy ireo. Izy ireo no vavolombelona ny amin'ny Heriny. Ary amin'ny alàlan'izany, no anorenan'Andriamanitra tetezana anankiray avy eto an-tany mankany amin'ny Voninahitra, mba hahafahan'ny olona mpivahiny ho tonga eo amin'ilay làlambe, hipetraka eo ambanin'ny hazo, ao amin'ilay hatsiatsiakan'ny andro, miaraka amin'ny fitaovana voatsapa isam-potoana, dia ireo izay

mihazona an'Andriamanitra amin'ny Teniny. Tsy mampaninona na inona na inona ireo soritr'aretina, ireo zava-mitranga, tsy mijoro eo amin'ilay làlana izany. Manana fitaovana voatsapa isam-potoana Andriamanitra ho vavolombelona anankiray, ary Izy no mametraka an'izany.

58 Ary ity mpanorina tetezana malaza ity, rehefa farany... Ireo mpanao tao-trano dia nijoro teny amin'ny sisiny ary niteny tamin'ilay mpanorina, fitsikerana marobe hoe, "Tsy hijoro mihitsy io."

59 Dia hoy izy ireo hoe, "Tsy hitsangana mihitsy ny Fiangonana." Dia hoy izy ireo hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Dia milaza izy ireo, fa, "Tsy afaka ny hifaly intsony ny fivavahan'ny andro fahiny."

60 Fa, oh, rehefa napetrak'ity lehilahy ity niaraka ireo fitaovana, dia nangady izy. Nanana fitaovam-pitsofana izy, ary nitsoka an'ireo fanambanin'ny fasika miletsy. Nidina izy, nidina, nidina, hatrany amin'ny an-jatony dian-tongotra ambanin'ny rano, mandra-pitsofany an'ilay fasika mandrevo hiala, mandra-pametrany an'ilay fangaron-tsimenitra hifantsika ao amin'ilay vatolampy teo amin'ny faran'ilay ranomasina. Oh, vidiny anankiray izany, eny.

61 Ary ny zavatra rehetra izay mendrika hanana, dia manana vidiny iray mipetaka amin'izany. Toy ny ahoana ny halehiben'izao famonjena izao! Vidiny lehibe toy ny inona!

Fa, tonga tao ambanin'ireo fasika mandrevo izy ny farany.

62 Ary noraisin'Andriamanitra ireo Kristiana dia notsapainy izy ireo, dia notsapainy izy ireo, tsy maintsy noborosiany izy ireo, dia noborosiany izy ireo, dia noborosiany izy ireo, hany ka farany, indray andro any, dia hidina eo amin'ilay Vatolampy mafy Izy. Ny olona sasany dia maka fotsiny an'ity fahatsapana kely mandalo an'ilay fifandraisan-tànana ity sy ny fikambanana amin'ny fiangonana, ary nofafazan-drano vetivety, na natao batisa na zavatra hafa, fa Izy manasa ny fasika mandrevo rehetra mandra-pifantsiny eo amin'ilay Vatolampy, Kristy Jesosy. Ny devoly rehetra ao amin'ny fampijaliana dia tsy afaka hanetsika azy.

63 Ilay mpanorina tetezana dia nahafantatra izay nataony. Ary rehefa, farany, vita tanteraka ilay izy, dia hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Tsy hahajoro io. Ho zava-doza io ho an'izay rehetra miampita aminy."

64 Nalainy, manodidina teo, ny andiana injeniera iray, ary niaraka tamin'ireo lalamby. Ary tamin'io andro io rehefa nandalo avy tao Sydney Atsimo izy ireo, nandeha nankany Sydney Avaratra, teo amin'ilay fiampitana, dia nametraka lamasinina lehibe mpitondra entana teo amin'ny valo teo izy feno entana. Ary nampidirina tao anaty fiara iray ilay ben'ny tanàna, ary izy no nandeha teo alohan'izany, nandeha an-

tongotra, nitondra an'ilay saina. Ary rehefa ilay tafika lehibe sy ireo goavana, ireo milina ahodin'ny entona lehibe valo feno entana, no nandalo niampita an'izany tetezana izany, niaraka tamin'ilay mpanorina naka ny toerana voalohany, nandeha teny aloha, dia tsy nihetsika mihitsy izy.

65 Ary Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, Izay Mpanao tao-tranon'ny Fiangonana, dia tonga teto an-tany ary nametraka ny fototra. Rehefa nihaona tamin'ilay devoly Izy, dia notsapaina tamin'ny Tenin'Andriamanitra Izy, ary hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe, 'Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona.'" Rehefa nentiny teo amin'ilay tendron'ny tempoly Izy, dia hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe." Hitanareo ve ilay fitaovana izay Napetrany tao amin'ilay Fiangonany? Nentiny teo an-tendrombohitra Izy, ary nasehony Taminy ireo fandaharana lehibe izay nety Nananany; hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe."

66 Ny Tenin'Andriamanitra rehetra dia notsapaina isam-potoana. Ary Izy no Kapiteny lehibe izay mandeha eo alohantsika, miaraka amin'ny Akanjony Manokana feno rà mikopakopaka, hoe, tamin'ny alàlan'ilay fitiavana mahavotra an'ny Ràn'i Jesosy Kristy no nividianana ny Fiangonana, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina izay nitsapa an'ireo bilao tsirairay sy ny olona tsirairay izay hany nifantsika tao amin'io Fiangonana lehibe an'Andriamanitra velona io. Izany no fitaovana voatsapa isam-potoana izay manao an'ilay izy.

67 Ary raha mandroso Izy, dia mandeha Aoriany ilay antoko lehibe, amin'ny maha-Fiangonan'Andriamanitra velona anankiray nateraka indray, tsy mihetsika Izy, satria nandray Fanjakana izay tsy azo hetsiketsehana isika. Mangady tanteraka hatrany amin'ilay Vatolampy mafy izany, an'i Kristy Jesosy, amin'ny maha-Lehiben'ny Vatofehizoro. Ary satria mandeha eo alohantsika Izy, miaraka amin'ny Akanjony Manokana feno rà, manao an'ilay làlana, dia izany no famantaran'ny fanavotana.

68 Vavolombelona! "Ianareo no ho Vavolombeloko, hatrany Jerosalema, sy any Jodia, ary any Samaria." Ny Fiangonany no mijoro ho Vavolombelony. Ankehitriny, izao maraina izao, dia tiako ny hilaza an'izao ary hamela an'izao ho anareo. Isika no Vavolombelony rehefa avy nandray ny Fanahy Masina ianareo. Satria zavatra tokana ihany no azonareo ijoroana vavolombelona, izany dia, izay fantatrareo fa ny Fahamarinana.

69 Io lehilahy io dia afaka nijoro vavolombelona, rehefa avy nitsoka ny fasika rehetra hiala izy ka nahita an'ilay vatolampy mafy teo amin'ny ivon'ilay tany. Izy no vavolombelona iray fa hihazona izany. Napetrany teo ambonin'ireo fitaovana lehibe tsirairay ilay Zeizera ary notsapainy ny tsirairay tamin'izy ireo. Izy no vavolombelona fa hihazona izy ireo, satria hitany ilay izy nipetraka teo amin'ilay tanjany ary nihazona izy.

70 Ary isika izay nateraka indray avy tamin'ny Fanahy Masina, izay feno ny Herin'Andriamanitra, izay nanandrana ny Fiainana Mandrakizay an'Andriamanitra Mandrakizay, ka mitoetra ao anatintsika Izany, no vavolombelon'ny Fahatsarany, sy ny Teniny, ary ny Heriny. Tsy vinavina iray intsony izany. Tena fahafantarana izany, amin'ny alàlan'ny fahatsapana.

71 Noa, rehefa nanorina ny sambofiara izy, dia nanome vavolombelona tamin'ilay izao tontolo izao tsy marina fa nisy Andriamanitra marina anankiray. Na dia toa lasa fahadalana aza izany rehefa voaorina ilay izy, saingy izany no nanaporofo fa io ihany no sambo tokana izay afaka hitsingevana ao amin'ilay oram-baratra. Ary raha tafajoro ilay izy, izany dia . . . Nanameloka an'ilay izao tontolo izao tsy marina izy, ary nanamarina kosa an'ireo izay nino an'ilay izy.

72 Tena mahatsikaiky, indraindray, ilay Andriamanitra manao zavatra, eo imason'ny olona. Efa mba nijanona ve ianareo ka nieritreritra hoe karazana hazo inona no nanorenan'i Noa an'io sambo io? Voaorina tamin'ny hazo sitima izy io. Ary izany no hazo malemy indrindra izay azo nalaina. Izany dia tahaka ny balsama fotsiny. Izany dia ny . . . Nahoana, raha atsipinareo ao anatin'ny farihy any izy io, dia hilentika ao anatin'ny dimy minitra izany. Hazo balsama izany, na hazo sitima, izay misy lavaka eo aminy. Ary tsy zavatra hafahafa ve fa sambofiara izay tsy maintsy mahatanty ny fitsapan'ilay fandravan'ny safo-drano lehibe, no vita tamin'ny hazo malemy? Eny, azo ampiharina izany.

73 Ary indraindray rehefa lasa sarotiny isika ka mipetraka ao amin'ny fombantsika, dia tsy afaka mampihatra zavatra eo amintsika Andriamanitra.

Fa izao no antony Nanaovany an'izany.

74 Efa voamarikareo ve? Rehefa avy nanamboatra an'izany izy, dia nampangotraka tara izy, na karazana lakaoly, izany ilay izy, avy amin'ny hazo hafa anankiray. Ankehitriny inona no dikan'izany? Rehefa nanakambana an'ilay sambofiara izy, izy io dia vita tamin'ny hazo tena maivana, malemy. Azonareo hingaina izy, tena malefaka, tena maivana ilay izy ary azo avalona. Ary avy eo dia nikapa hazo hafa izy izay hazo kesika iray. Ary nokapohin'izy ireo izany, tamin'ny fomba nampiasan'izy ireo hanaovana azy, nokapohiny izany dia nokapohiny, mandra-pahatonga azy ireo nahakapoka an'ilay lakaoly nivoaka avy tao aminy. Ary avy eo dia nalainy io lakaoly io ary nararany tao anatin'io hazo maivana io, ary ireo lavaka kely izay tao amin'ilay hazo maivana dia feno an'ilay lakaoly, voafono, ary nanao an'ilay izy ho mafy kokoa noho ny vy.

75 Ary nalain'Andriamanitra ny Fiangonany, izay nanafoana ny tenany, ary tsy nisy afa-tsy azo avalona teo an-tànan'Andriamanitra fotsiny. Nanapaka ny Zanany Manokana

Andriamanitra, ary naka ny aina avy tao amin'ny Zanany, tamin'ny alàlan'ireo kapoka sy ratra, ary nandraraka an'izany tao amin'ilay mpino; ary lasa voafono izy, vonona ho amin'ireo fitsarana. Izany no zavatra tokana izay hanala an'ilay fitsarana.

76 Mandeha fotsiny any ambonin'ireo fitsarana izany. Satria, andalovany fotsiny izany. Ilay—ilay rano no fitsarana. Ary nandalo fotsiny an'ilay fitsarana izany. Izany no vavolombelona fa Andriamanitra dia nahafantatra an'izay Nataony. Nanaraka ny Tenin'Andriamanitra i Noa. Maro ny zavatra azo lazaina.

77 Daniela dia vavolombelona fa nisy Anjely iray tany An-danitra, na Andriamanitra iray tany An-danitra, izay nahafantatra ny zava-miafin'ny fo, satria nandefa ny Anjeliny Izy ka nanafaka an'i Daniela. Maro ireo hafa izay vavolombelona.

78 Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, dia ny lanitra no nijoro vavolombelona. "Io ilay fitaovana. Io ilay zavatra." Raha hanamarika ianareo, ny zava-boahary rehetra dia mijoro vavolombelona an'izany.

79 "Eo amin'ilay fisasahan'ny andro mihitsy." Rehefa naminany Andriamanitra, tany aloha, rehefa nifarana ny sabata, dia hoy Izy, "Hisy andro iray rehefa milentika amin'ny fisasahan'ny andro ny masoandro." "Ary manomboka eo amin'ny ora fahenina ka hatramin'ny fahasivy, dia ho aizina izany." Inona izany? Ny masoandro . . . Ankehitriny, ny aizina iray dia tsy midika fa misy hazavana kely iray ao anatiny. Ilay aizina dia tena aizina tanteraka, tena maizina, tahaka ny tany Egypta, hany ka azo notsapaina izany. Tsy nisy tara-pahazavana anankiray!

80 Ary ny masoandro dia nijoro vavolombelona, "Io ilay Tokana. Io ilay fitaovana izay hanorenan'Andriamanitra an'ilay Fiangonana." Ny volana sy ny kintana dia nijoro vavolombelona. Rehefa maty Izy, dia ny lanitra no nijoro vavolombelona. Nivoaka setroka ny tany, nitresaka ireo vatolampy. Nijoro vavolombelona ny tany. Ary ireo masina izay natory tao anatin'ny tany, ny vovoky ny tany, dia nitsangana, nijoro vavolombelona.

81 Ireo olona tamin'ny Pentekosta, rehefa nananihany izy ireo, dia nitsangana i Petera ary nijoro vavolombelona tamin'ny sasany fa io Aina io ihany izay nokapohina hiala tao Aminy teo Kalvary, no nararaka tao amin'i Petera, tamin'ny endrika Fanahy Masina. Ary nitsangana teo izy ho vavolombelona iray, Tenin'Andriamanitra, ary nijoro vavolombelona izy niaraka tamin'ny lahateny iray avy tao amin'ny Soratra, izay nanao hoe, "Ianareo lehilahy avy eto Jodia, ianareo izay monina ao Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ary henoy ny teniko. Fa tsy mamo akory ireo, araka ny fiheveranareo, fa izao ilay nolazaina tamin'i Joela mpaminany hoe, 'Izao no hiseho amin'ny andro

farany, handraraka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho.'" Vavolombelona iray izy.

82 Ankehitriny dia miditra ao amin'ireo andro farany sy ratsy isika, rehefa hanana vavolombelona Izy. Tsy maintsy manana vavolombelona Izy. Velona Andriamanitra. Mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra.

83 Ankehitriny dia ndao isika handray indray ny famakiantsika ny Soratra. Jesosy, avy tany an-tendrombohitra, noana Izy. Ary nijery teo amin'ny hazo iray Izy, ary tsy nisy voa teo aminy. Izy, angamba, dia tsy nampiakatra ny Feony mihitsy.

84 Tsy nitsangana teo mihitsy Izy, nanao hoe, "Ankehitriny tompokolahy, mijoroa etsy amin'ny sisiny etsy. Tiako haseho aminareo ny Heriko." Hoy izy hoe. . . "Ary Izaho dia manana hery hampanao an'io hazo io an'izao-sy-izao." Tsy niteny an'izany mihitsy Izy.

85 Nandeha teo aminy fotsiny Izy. Tsy nahita na—na inona na inona teo aminy Izy, noho izany dia hoy Izy hoe, "Tsy hisy olona hihinana avy aminao," dia lasa nandeha.

86 Nandre an'izany i Petera. Ary ny ampitso, rehefa nandalo teo izy, oh, mbola teo foana ilay hazo, saingy maty ilay izy. Ary nahamarika an'izany izy, hoe ahoana no nahamaina haingana an'ilay hazo, hatrany amin'ny fakany. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy. . . "

87 Ary, jereo, tsy fahadisoan'ilay hazo izany. Tsy mbola fotoan'ireo aviavy tamin'izany. Saingy Nataony izany mba hanandratana ny Tenany, mba hanaporofo ny Tenany. Ho. . . Izy no Mesia, ary io no anankiray amin'ireo filazana fa Izy no Mesia. Io no tombokasen'ny Maha-Mesia Azy. Ny tombokase farany dia ny Fitsanganany, ny Fiakarany. Izany no tombokase faran'ny Maha-Mesia Azy. Izay Nataony no porofo fa Izy izany. Ankehitriny, tsy nandeha nihodinkodina mihitsy Izy, nanao hoe, "Ianareo hazo rehetra dia maty." Nataony teo fotsiny izany mba hahatonga an'ireo mpianatra, izay hanoratra an'ity Soratra ity aty aoriana, hahafantatra fa Izy no Mesia. Hitanareo?

88 Ankehitriny, avy eo, rehefa nametraka an'ity fanontaniana ity i Petera hoe, "Indro, ahoana no nampalazo haingana an'ilay hazo!"

89 Avy eo dia hoy Izy tamin'ireo hoe, "Raha hiteny amin'itsy tendrombohitra itsy ianareo hoe, 'Mifindrà, ary mianjerà any an-dranomasina,' ka tsy misalasala, fa mino fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo."

90 Ankehitriny henoy. Izany no ampahan'ilay fitaovana ao amin'io fananan'Andriamanitra io, io sambo lehibe izay misy antsika io, ilay sambo tranain'i Ziona, ao amin'ny Vatan'i Kristy.

91 Ankehitriny ho an'ilay filazana! Nisy izany indray andro, nandinika an'izany aho. Ary ankehitriny henoy tsara ankehitriny ho an'ny fampianarana kely iray.

92 Misy fotoana eo amin'ny fiainana rehefa ny rehetra . . . Rehefa nijery ny fanaintainana aho, ka nahita an'ireo izay ory sy ampijalian'ny herin'ny demony, dia mandeha rà ho azy ireo mihitsy ny foko. Ary, kanefa, nasaiko niantso ahy tamin'ny telefona izy ireo, ary tao amin'ny fivoriana, ilay horakoraka, sy fihetsiketsehana, sy fisintonana, sy fanosehana, ary tena sarotra ny hiteny hoe "tsia" amin'ireo olona. Ampahatsorana, tsy vitako izany; misy olona miteny amiko an'izany. Tsy afaka mankany amin'izy ireo aho. Mandeha rà toy ny inona fotsiny ny foko ho azy ireo. Isan'andro dia mandalo amin'ireo fampijalian'izany aho, ary manontany tena aho matetika.

93 Ary, izaho, avy eo aho dia mampionona ny tenako, amin'ny alàlan'ny fiverenana amin'ny Soratra, ary mahita Azy nandalo an'ilay toeran'i Betsaida, ka nahita an'ireo mandringa rehetra sy ory; ary nandeha teo amin'ny lehilahy anankiray, nanasitrana azy, nandry teo ambonin'ny hazo fisaka anankiray, ary lasa dia nandao ny sisa. Saingy, hatramin'izao, ao anatin'ny foko ao, izany dia manao ahy . . . Tsy manafaka an'ilay firehetana izany. Oh, toy ny inona no haniriako hoe hisy zavatra anankiray izay mety hiseho!

94 Avy eo dia voamariko, tany Portland tany, Oregon, rehefa nihazakazaka nankeo amin'ny lampihazo ilay adala tamin'io hariva io, mba hamono ahy. Tsaroako tany, nisy zavatra niseho, ary tsy tao amin'ny ara-tsaina mihitsy izany. Raha ny ara-tsaina, dia ho nandositra tahaka ny nataon'ireo mpitoriteny sisa aho. Saingy, tsy nandositra aho. Nisy zavatra anankiray teo; efa vonona ny hampiasa ny Heriny Andriamanitra.

95 Indray andro, hoy Izy hoe, "Mipetraha tsara ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra." Raha mba hipetraka tsara fotsiny tena maharitra mantsy ny Fiangonana! Raha hanao zavatra kely anankiray Andriamanitra, dia ho lasa taitaitra daholo izy rehetra ary hihazakazaka, hanao an'ilay izy, hitanareo, hiala amin'ilay sitrapon'Andriamanitra. Mipetraha tsara.

96 Indray andro dia nandeha nampiseho ny Heriny teo amin'ny Ranomasina Mena Izy. Hoy Izy hoe, "Ry Ranomasina Mena, mipetraha tsara fotsiny ianao." Dia nampandalo an'ireo Zanany teo fotsiny Izy. Ahoana moa raha nihodina izy ireo, nanao hoe, "Avelao ataonay indray ilay izy, Tompo"? Tsy ho nitranga izany. Azo antoka fa tsia.

97 Indray andro dia nila fotoana kely hiadiana ady anankiray Izy. Nataon'Andriamanitra nipetraka tsara fotsiny ilay masoandro, tany, mba hijerena an'izay Hataony. Hia. "Ankehitriny, ry masoandro, mipetraha tsara fotsiny ianao, any, mandritry ny minitra vitsy. Haneho anareo zavatra anankiray

Aho." Ankehitriny ahoana moa raha, ny ampitso, dia niteny i Josoa hoe, "Ry masoandro, mipetraha tsara"? Tsy hanao an'izany izy. Hanao zavatra Andriamanitra. Hanome vavolombelona anankiray ho an'ny Heriny Izy. Ny Teniny, Izy no Tsitoha, ary Izy no manome vavolombelona ho an'Izany.

98 Indray mandeha, nisy lehilahy jamba anankiray nivoaka avy tao Jeriko. Ary raha nandalo Jesosy, dia niantsoantso ilay lehilahy jamba hoe, "Mamindrà fo amiko!" Ary hoy ny Baiboly hoe, "Dia nipetraka tsara Jesosy, nanao hoe, 'Ento aty izy.'" Oh, oadray! Nipetraka tsara Kristy, satria Andriamanitra no hampiasa Azy mba haneho ny Heriny.

99 Mety nisy mihoatra ny zato ny lehilahy jamba teo amin'ilay làlana; tsy fantatro. Angamba hoy ny mpisorona hoe, "Avy aty iray minitra! Iza moa Ianao Izay nanangana ny maty io? Atsangano . . . Manana fasana feno azy ireny izahay. Renay fa Ianao no nanangana an'i Lazarosy." Saingy, hanamarina ny Maha-Mesia Azy Andriamanitra. Izany no Nataony. Azo antoka.

100 Manontany tena aho matetika hoe inona no miseho. Fa misy toerana iray izay hahafahan'ny olona ho velona, tena akaiky, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Tsy amin'ny alàlan'ny safidinareo izany. Amin'ny alàlan'ny fifidianan'Andriamanitra no mahavelona anareo ao amin'izany toerana izany, hany ka tsy misy idiran'izany intsony ireo ara-tsainareo manokana.

101 Tany Afrika Atsimo, dia nihaika an'ireo mpampianatra mpamosavy aho. Ary nitsangana teo, ny anankiray tamin'ireo roa ambin'ny folo na mihoatra, ary niezaka izy ireo ny nanipy fanafody teo amiko. Saingy nanao azy ireo hipetraka tsara fotsiny Andriamanitra ary nandinika an'ilay Voninahitr'Andriamanitra mba hamerina ny fahitana, sy fahiratana, ireo karazan-javatra teo amin'ireo olona ory.

102 Tany Karlsruhe tany, Alemaina, indray tolakandro rehefa nivoaka ilay mpahay momba ny fanahy, mba . . . te-hifamaly tamiko izy ireo, tao amin'ilay hotely. Tsy navelan'ilay lehilahy hiditra izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Hanipazanay fanafody eo amin'io fivoriana io izao tolakandro izao dia tsy hisy ho avy ao na iray aza . . ." Tsia, hoy izy ireo, "Hatsipinay eo izany, miaraka amin'ny varatra anankiray." Fa tsara mihitsy ny lanitra ary namiratra. Fa rehefa nandeha teo izahay ka nanomboka nihira fotsiny, dia niakatra ny varatra mahery anankiray. Nisy teo amin'ny roapolo ny teo anilako, ary roapolo ny tetsy amin'ny hafa. Ary izy rehetra dia nandeha teo amin'ny mosaviny ka nanapaka an'ireo volom-borony tamin'ny hety, ary namerina an'ireo zavatra tahaka an'izany, mba hanipy an'ilay fanafody. Ary, tampoka teo, dia nanomboka nihovitrovitra sy nihozongozona ireo trano lay lehibe telo alina, ary nitsoka ny rivotra. Dia nitory teny aho. Ary nisy Zavatra anankiray nanao hoe, "Mipetraha tsara."

103 *Haleloia!* Tsy niteny aho hoe azafady. Ny dikan'izany dia hoe, "Derao ny Andriamanitsika!"

104 Fa nataon'Andriamanitra nipetraka tsara ilay varatra, nihataka, mba hahitana an'ireo fiderana an'Andriamanitra, izay nisy fanahy teo amin'ny efatra alina teo, tamin'io andro sy hariva io, voasintona tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'izany. "Mipetraha tsara." Marina izany. Mijoro vavolombelona Izy.

105 Tany Suède tany na Suisse . . . Eny, eto, hataoko hoe, tany Finlande, indray andro, zazalahy kely maty anankiray no nandry teo amin'ny sisin-dàlana, fiara anankiray no nanosihosy azy, nanorotoro an'ilay vatany kely ho potipotika. Tena rava tanteraka izy hany ka ny tongony aza dia tafavoaka tamin'ny ban-kirarony. Nanosihosy azy ilay fiara ary nandrovidrovitra azy, tahaka ny vorodamba anankiray tahaka izany, ary nifaoka azy ambony sy nanipy azy teny ampitan'ilay làlana. Nibontsina ireo masony. Nisokatra ny vavany. Niraviravy ny lelany ary niraraka avy tao amin'ny sofiny ny rà. Fa, roa taona talohan'io, dia naneho tamiko ny fahitana an'izany Andriamanitra. Ary namindra tena tsy rototra aho, ary nijery an'ilay ankizy; lasa, nitomany.

106 Ary ny Tompo, na olona anankiray, ivelan'ny voajanahary, no nametraka ny tànany teo amin'ny soroko. Hoy Izy, "Tsy io ve ilay zazalahy izay Nasehoko anao?" Oh, fihetseham-po toy ny ahoana!

107 Nitsangana teo ilay ben'ny tanàna, ilay Lehilahy Mpifehy, nantsoina izy, ary maro no nitsangana teo. Ary nasain'Andriamanitra nipetraka tsara izy ireo, fa Izy no afaka haneho ny Heriny mahery hanangana an'ilay maty, hamerina azy indray amin'ny fiainana. "Mipetraha tsara." Minoa an'Andriamanitra, ary aoka ho vavolombelona iray. Mandrakizay ny Teniny.

108 Andro vitsy lasa izay, rehefa izahay . . . Ny mahita fotsiny hoe ahoana no anaovan'Andriamanitra ny zavatra ho tena tsotra! Fa isika no tena mikorontana, hany ka miandry an'ireo zavatra lehibe. Aoka ho afa-po amin'ny zavatra kely. Diniho Izy rehefa manao an'ireo Asany lehibe Izy, toy ny ahoana no Iarovany anareo. Aza mijery ny eny amin'ny tampon'ny zavatra lavitra eny; mijere ny eto ambany eto.

109 Mariho. Manomboka mieritreritra an'izao aho, fa azo atao izany rehefa ny olona anankiray, tahaka an'ireo apostoly, ary rehefa afaka mivelona eo akaikin'Andriamanitra ianareo; dia Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, no miasa amin'ny alàlanareo; fa arakaraka ny anananareo an'Andriamanitra kokoa, no hahalasa anareo ho masina kokoa. Arakaraky ny hidiran'ny Fiainana Mandrakizay bebe kokoa, no hanosehan'Izany an'ireo ara-tsaina bebe kokoa hivoaka.

110 Ankehitriny, tsy ny ho lasa fanatika anankiray no tiako ho lazaina. Ny tiako ho lazaina dia ny ho tena mpino iray, milamina, mahatoky. Hitanareo? Tsy andiana isma anankiray, fa tena mpino iray mafy, marina, maotina, hendry.

111 Ary ankehitriny diniho. Nahita an'izany nety aho. Ary ny mieritreritra hoe raha miditra amin'io fifampikasoana amin'Andriamanitra io ianareo, dia lasa tsy feonareo intsony aza ilay izy. Tsy fisainanareo intsony ilay izy. Lasa fisainan'Andriamanitra sy feon'Andriamanitra ilay izy. Ianareo dia voaloboka iray fotsiny na . . . sampany iray fotsiny. Izy no voaloboka, ary ny Fanahiny no miditra ary manome hery. Raha mbola afaka manala foana ny tenanareo amin'ilay làlana ianareo, dia Izy no hameno an'izany, ary dia afaka ny ho vavolombelona anankiray ianareo.

Tahaka ny sambofiaran'i Noa izay vavolombelona iray.

112 Tahaka an'i Jesosy izay vavolombelona iray an'Andriamanitra. Lasa tena feno an'Andriamanitra Izy hany ka Izy sy Andriamanitra dia iray. "Nonina tao amin'i Kristy Andriamanitra, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany." Ilay tena fisehoana, ny asan'ny olona anankiray no manambara ny toetrany! Kristy no asan'Andriamanitra. Ary Kristy no nanambara ny toetran'Andriamanitra; ny Fihetsehampony ho an'ilay marary, ny Faniriany hamonjy an'ireo fanahy, hany ka Nomeny mihitsy aza ny Ainy Manokana. Ny asan'Andriamanitra, ny toetran'Andriamanitra, dia voambara tao amin'i Kristy.

113 Ary raha afaka fotsiny manafoana ny eritreritra aratsainareo ianareo, ka manome an'Andriamanitra ny zo handroso, dia afaka manambara ny Toetrany amin'ny alàlan'ny asan'ny fandeferanareo Izy. Foano. Esory izao tontolo izao, esory ny fisalasalanareo, hiala amin'ilay làlana. Raha manatona ny alitara ianareo mba hivavahana, manao hoe, "Hiakatra aho dia hijery raha ho sitrana aho," dia tsy afaka hanambara ny Asany mihitsy Andriamanitra. Tsy maintsy manala ny fisainanareo manokana amin'ilay làlana ianareo, ary mamela Azy hameno anareo.

114 Ankehitriny, ny fomba nahamarihako an'ireo zavatra ireo; tahaka an'ity ombilahy antitra izay nandeha hamono ahy ity tamin'izany fotoana izany; tahaka an'ireo fangaraka tany teo amin'ilay fefy; tahaka an'ireo zavatra maro hafa izay niseho; ilay bera tany anaty ala. Fandinihana ny natiora izany. Zavatra anankiray izay mitranga izany.

115 Hilaza an'izao aho ankehitriny, mamelà an'izany, ho toy ny fahatsapana manokana, fa tiako ny hilaza aminareo satria andro moderina izao. Hoy ny olona iray hoe, "Oh, eny, tamin'ny andron'ireo mpaminany no nitranga ireo zavatra ireo. Tamin'ny andro . . . " Eny, naneho ohatra Andriamanitra. Fa efa

fantatrareo ve, amin'izao andro izao, fa manorina Fiangonana anankiray Andriamanitra? Hoy ianareo hoe, "Eny, nanana mpaminany Izy. Tsy maintsy nilaza ny Tenin'Andriamanitra izy ireo." Saingy, manana Fiangonan'Andriamanitra anankiray Izy, amin'izao andro izao.

116 Mariho, misy zavatra izay miseho. Maniry aho mba ho toy izany foana ilay izy. Hila an'Andriamanitra aho mba hahatoy izany foana an'ilay izy, saingy tsy mety ilay izy. Tonga amin'ny Sitrapony fotsiny ilay izy.

117 Ankehitriny, andro vitsy lasa izay, na teo amin'ny roa na telo herinandro lasa, nivavaka ho an'ny olona tratry ny aretin-drà aho. Nivavaka niaraka tamin'ny olona aho, niandry fahitana, izay narary sy nanaintaina. Maro no nokarakaraiko, nandritry ny taona maro.

118 Ohatra, Edith Wright kely, nandringa. Tsaroako rehefa nandry ilay dadany, teo an-dàlam-pahafatesana, ary naneho fahitana iray ho an'ny dadany Andriamanitra, ary namela an'i Edith nandry teo.

119 Nisy vehivavy kely anankiray, izaho—izaho dia mihevitra fa mbola ato izy. Rtoa. Geiger, avy any Fort Wayne, reny kely tena mampalahelo, ramatoa tanora iray. Niteraka zazakely anankiray izy. Ary tena lehibe ilay zazakely; izy kosa tena kely, ary izany no nampiditra azy tao amin'ny homamiadana. Ary nanasitrana azy tamin'ilay homamiadana Andriamanitra. Ankehitriny dia saiky tratran'ny tsy fahampian-tsaina izy, avy amin'ny fikorontanana. Ao amin'ny mitsaha-jaza izy. Ary ilay zavatra mahantra kely . . . Ary tena vady mahatoky. Ary nandeha hatraiza hatraiza ilay namana kely, nivavaka, sy nitady, ary nitomany. Ary izaho nivavaka ho an'izany zavatra izany.

120 Ary fantatrareo ve izay nitranga? Rahalahy Wood tao aoriana tao, tonga ny dadany, Vavolombelon'i Jehovah anankiray. Rahalahy Woods dia Vavolombelon'i Jehovah anankiray. Nijoro vavolombelona sy nanambara ny Tenany taminy Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fanasitranana ny zananilahy, David, nandringa.

121 Avy eo dia tonga ny rahalahiny. Ary ny rahalahiny dia niaina tamin'ny fiainana tsy mendrika. Ary teo ny Fanahy Masina nihodinkodina sy nananatra azy. Nahita an'ilay vehivavy izay niarahany, ary nanolotra ny fiainany izy ary namela ny devoly rehetra hiala tao aminy tamin'io andro io. Ary mandeha eny an-dàlambe izy ankehitriny ka manao ny zavatra rehetra izay azony atao mba hanompoana an'Andriamanitra, milaza amin'ny fianakaviany.

122 Avy eo, ilay rainy antitra mahantra, mahitsy fo arak'izay tratrany, tao amin'ny asany rehetra amin'ny maha-mpamboly azy, sy ny sisa. Ary rehefa tonga ny dadany, dia tiany handeha

hanjono niaraka taminy aho, dia nandeha nidina teny amin'ilay farihy izahay.

123 Teny an-dàlana, dia tonga ny fahitana anankiray, tamin'io maraina io. Ary hoy Izy hoe, "Ny farihy rehetra izay tetezinareo ary ny renirano rehetra, dia ho feno fotaka; aza manjono. Fa rehefa midina mankany amin'ny Wolf Creek ianareo, ho any Dale Hallow," hoy Izy, "dia ho tsara izany ary ho manga. Ary tsy mbola nahazo trondro misy volombava tao amin'io rano io mihitsy ianao, fa ianao kosa dia hahazo ny karazany rehetra amin'izy ireo. Ary," hoy Izy, "hahazo iray na roa kely izy ireo. Ary dia ianao no hahazo trondro lehibe anankiray, miaraka amin'ny trondro be kirany. Ho lehibe izany, avy amin'ny karazana iray."

124 Nihodina aho ary notononiko tamin'izy ireo izany. Nandinika an'ireo mason'ilay lehilahy antitra aho, raha nijery nankany amin'ilay zananilahy izy. Rehefa nandeha teo izahay ka niditra tao anaty rano . . . Ny farihy rehetra dia feno fotaka, dia nandeha nidina izahay. Rehefa tonga teo izahay, dia tena manga ilay izy, hankarary ny masonareo ilay izy, saiky. Ary nanjono izahay, ary tsy nety nahazo bilakibasy izahay, karpa, na zavatra anankiray. Ary, tampoka teo, nanomboka nahazo trondro misy volombava aho, ary nahazo ny karazany rehetra tamin'izy ireo. Ny sasany tamin'izy ireo, dia dimy livatra, ny iray. Ary indraindray dia roa no eo amin'ny fintana iray, miaraka amin'ny haranjono sy tadin-jono. Nanjono izahay, ary nahazo karazan-trondro iray.

125 Ary ny ampitso maraina, dia niverina aho, nanjono. Nahazo manga-sofina anankiray ngeza be aho, izay . . . na ilay antsointsika hoe trondro mena kibo, ny lehibe indrindra izay mbola tsy hitako hatramin'izay.

126 Avy eo, rehefa nanatona ahy ilay lehilahy, dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, tompoko, hoy ny Baiboly hoe, 'Raha misy eo anivonareo anankiray izay ara-panahy, sy mpaminany, ka izay lazainy dia miseho, dia henoy izy. Raha tsy izany ilay izy . . . '" Ary nalaiko ny faminaniana efatra malazan'ny Vavolombelon'i Jehovah ka nasehoko azy fa tsy nisy anankiray tamin'ireo mba niseho; ny tsirairay tamin'izy ireo dia tsy nahomby avokoa. Hoy aho hoe, "Ankehitriny ahoana ny amin'ilay trondro?"

127 Ary Andriamanitra no naneho an'izany fahitana izany, mba hanova an'io lehilahy io sy hampitodika azy, tamin'io lehilahy anankiray io, teo amin'izay nisy an'arivony nandry, nijaly. Fahefana ambony an'Andriamanitra Tsitoha izany, mba hamela anareo hahafantatra fa Ambarany amin'ny alàlan'ny Asany ny Ataony, ary ny Toetrany dia voambara amin'izany ihany.

128 Jereo ilay farihin'i Betsaida. Hoy ianareo hoe, "Toy ny hoe tsy Andriamanitra no nanao an'izany." Jereo ilay mandringa, kilemaina, malemy, jamba, malazo, niandry. Ary indro Jesosy fa nandalo teo mihitsy, feno hery ireo akanjo; ary nandroso teo

amin'ny lehilahy anankiray, ary nandeha teo amin'ny lehilahy anankiray izay tsy afaka namindra, nanao ny zavatra rehetra izay tiany hatao, saingy nanana karazana aretina nisakana izy. Ary nanasitrana azy, fa namela ny sisa tamin'izy ireo hitsangana teo. Hitanareo? Ny Toetrany. Tiany ny naneho ny Heriny. Tiany ny hanao zavatra. Hia, nipetraka tsara izao tontolo izao, mba hanamarika an'ilay izy.

129 Ankehitriny mariho, afak'omaly, rehefa niverina izahay. Niverina aho, avy tany amin'ny fivoriana tany Indianapolis, ary nieritreritra aho fa tsy maintsy mijanona vetivety fotsiny, manalavitra ny olona, mandra-pahazoako fialan-tsasatra kely, satria nanana roapolo na telopolo aho, isan'andro, an'ireo fihaonana manokana, ary ireo fahitana izay tonga. Toy ny maty mihitsy aho rehefa tonga ao an-trano. Tsy misy mahafantatra mihitsy hoe inona no lalovako amin'izany; tsy misy. Tsy misy fomba hanazavana an'ilay izy. Fa tamin'izay fotoana izay Rahalahy Woods, sy ny rahalahiny ary izaho, dia nandeha tany amin'ilay toerana, ary nanjono indray, nandritry ny andro sy alina iray.

130 Ary tamin'io tolakandro io, mipetraka io aoriana io, Rahalahy Woods izay nanomboka niresaka mikasika ny vehivavy antitra anankiray izay nikambana tao amin'ny Anderson fiangonan'Andriamanitra taloha, izay eto, raha mbola tao amin'ny famoazany izy ireo. "Tsara toy ny inona!" Nilaza izy hoe toy ny ahoana no nakany an'ireo zazalahy kely Vavolombelon'i Jehovah sy nitiavany azy ireo. Ary Rahalahy Woods no niteny tamin'ilay rahalahiny, Lyle; hoy izy hoe, "Lyle, tsy hahafinaritra ve ankehitriny, raha handeha hitady an'ilay anabavy antitra isika ary hampahafantatra azy fa voavonjy isika?"

131 Ankehitriny, izany teny izany dia nahita sitraka tamin'Andriamanitra. Rehefa avy niresaka ny amin'Andriamanitra nandritry ny fotoana ela, fa dia nahita sitraka izany teny izany. Ireo zazalahy anankiroa Vavolombelon'i Jehovah ireo, samy lehilahy azon-taona izy roa, dia naniry ny hahita vehivavy antitra anankiray ka hilaza aminy fa voavonjy izy ireo, rahalahy anankiroa.

132 Rehefa niteny an'izany izy ireo, ny Fanahin'Andriamanitra sy ny Fahefany ambony dia nilatsaka tamiko, izay nipetraka tao anatin'io sambo teo io. Oh, maniry aho ny hanana feo, amin'ny fomba anankiray, ka hahafahako mandentika an'izao ao ampon'ny olona. Tsy nahafehy ny tenako intsony aho mihoatra noho ny hahafahanareo manidina eny amin'ny volana; noho izany teny izany. Ary hoy aho hoe, "Ry tovolahy, misy zavatra izay efa natao hitranga. Karazana bibikely anankiray izany. Ho entina amin'ny fiainana izy io. Tsy maintsy hisy fiainana hifandray aminy. Ary ho hitanareo izao ankehitriny izao izany."

133 Dia nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny inona izany nolazaiko izany?" Ary nanomboka nieritreritra zavatra vitsivitsy aho. "Inona no nampiteny ahy an'izany?" Tsy nisy fahitana. Nisy Zavatra anankiray niteny fotsiny. Inona izany? Tsy ireo ara-tsaiko izany; tsy mba nieritreritra zavatra tahaka an'izany mihitsy aza aho. Tao ambanin'ity izany. Tao anatin'ny fo no nidiran'Andriamanitra. Izy no nanao an'ilay fitenenana. Izaho tsy nanao, tsy nieritreritra zavatra tahaka an'izany mihitsy aza, fa Izany no niteny.

134 Heveriko fa eo no nilazan'i Jesosy hoe, "Raha mino ao amin'ny fonareo ianareo, ka hiteny amin'ity hazo ity, na ity tendrombohitra ity. Ary aza misalasala ianareo amin'izay fotoana izay, fa minoa fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo."

135 Io no foto-kevitro. Tongava eo amin'izany toerana izany, eo amin'izay misy Zavatra anankiray izay tsy ny tenanareo. Izany dia Zavatra izay any ankoatry ny fandinihanareo, no miteny an'izany. Mandroso isika.

136 Eto am-pamaranana, dia hilaza an'izao aho. Mipetraka eto Rahalahy Woods sy izy ireo mba ho vavolombelona anankiray. Ny ampitso maraina . . .

137 Ny alin'io, nandeha izahay, ary nanome anay alin'ny fanjonoana lehibe anankiray ny Tompo. Tsy nisy nahazo trondro na iray aza . . . Ary nahazo telo izahay tany, tao anatin'ny minitra vitsy fotsiny, ary ireo telo ireo dia nilanja saiky roapolo livatra. Ary nahazo karazan-trondro lehibe izahay.

138 Ny ampitso maraina, dia niverina izahay ary nametraka an'ireo fandrika, vaovao, teo amin'ny fintana, fa tsy nisy trondro anankiray intsony. Lany ilay izy. Hoy aho hoe, "Ndao isika hiditra ao amin'ity helodrano kely ity ary hijanona minitra vitsy, ry rahalahy. Ary hanjono manga-sofina isika, miaraka amin'ny fintana atsipy."

139 Nandeha niverina teo izahay ary nanjono manga-sofina, tao amin'ilay helodrano kely, niaraka tamin'ny sambonay. Ary tamin'ny fotoana rehetra, vao mijanona ela izahay, dia mijanona ilay motera. Tsy nanjono izahay; niresaka ny amin'Andriamanitra izahay.

140 Ary Atoa. Lyle, izay ankehitriny dia . . . Nandeha nankany amin'ny anabaviny izy, niezaka ny hamoaka azy avy tao amin'ny Vavolombelon'i Jehovah. Ary nilaza taminy izy—nilaza taminy izy fa nihaino ny devoly izy; izany hoe izahay no devoly.

141 Hoy izy, "Lyle, mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ianao. Ary ireo zavatra rehetra ireo."

142 Tamin'izay fotoana izay, dia nahazo manga-sofina kely i Lyle, saiky tahaka an'*izao*. Ary niresaka izy, hany ka navelany hitelina an'ilay lelam-pintana lehibe ilay biby kely. Nidina

hatrany amin'ny vavonin'ilay trondro kely mihitsy izany. Ary rehefa noraisiny izany, dia tsy vitany ny nanala an'ilay izy. Noho izany dia nogihazany tao amin'ny tànany fotsiny ilay izy, nopotseriny ary navoakany ireo tsinainy. Tsy maintsy nesoriny hivoaka avy tao amin'ny vavany ilay lelam-pitana, satria raha notapahiny ilay lelam-pitana, izany dia ho . . . trondro maty, ho faty ihany izy na izany aza. Ary izao ireo teny izay nolazainy, "Azo antoka fa ianao ihany no nitifitra ny ondanao, ry biby kely," dia natsipy tao anaty rano izy.

143 Ary nivadibadika in-telo na in-efatra izy, ary nihodinkodina nidina tao amin'ireo rano manga, mandra-pidonany tany amin'ny farany ambany. Nandry tao nandritry ny minitra vitsy fotsiny. Dia niverina niakatra izy, teo amin'ny tampon'ilay rano, ary nipelipelika in-telo na in-efatra. Nahitsy ireo vombony kely, tahaka an'*izao*, nandry niorirana, niolanolana. Ary nandritry ny roapolo minitra teo, no nanjonoanay, dia lasa nandeha nitsingevana tao anatin'ilay an-efitra izy, tao amin'ilay fakofako. Ary izaho . . .

144 Ary nisy olona nanao hoe, "Tena mbola mihinana ny sakafo maraina ve ireo trondro kely ireo, sa voky?"

Hoy aho hoe, "Eny. Marina izany."

145 Ary hoy izahay hoe, "Oh, tsy lehibe ve Andriamanitra!" Dia hoy Rahalahy Wood hoe, "Oh, tena lehibe ilay izy, Rahalahy Branham! Mahazo tombontsoa izahay amin'ny fiarahana aminao eto." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

146 "Oh," hoy aho, "aza mieritreritra an'izany, Rahalahy Wood. Izany," hoy aho, "ny izy dia tsy ilay—ny izy dia tsy ilay tendrombohitra masina. Ny izy dia tsy ilay toerana masina. Ny izy dia ilay Andriamanitra masina. Tsy lehilahy masina iray, fa Andriamanitra masina iray." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

147 Ary raha mbola niresaka izahay, dia nisy Zavatra nihetsika tao amiko. [Nandondona indroa ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Hoy Izy, "Haneho ny Heriko Aho ankehitriny." Talohan'ny nahafantarako an'izay noresahiko, dia tonga tao an-tsaiko ity Soratra ity hoe, "Na inona na inona lazainareo, dia inoy fa hiseho izany, ao amin'ny fonareo. Lazao izany, ary ho azonareo izay lazainareo." Izaho—izaho dia saiky afaka fotsiny . . . Nanenika ahy izany.

Nieritreritra aho hoe, "Inona no ho tohin'izao?"

148 Nipetraka teo i Lyle sy Banks. Nanjono izahay. Ilay trondro kely, maty dia nandry, teo amin'ny roapolo minitra teo, niolanolana teo, niverina nitsingevana teo amin'ilay toerana; ny tsinay keliny nitranga nivoaka avy teo amin'ny vavany. Ary nijery an'io trondro kely io aho, ary tonga tamiko ny fisainana hoe, "Niteny tamin'ireo mpanjono Izy hoe, 'Atsipazo etsy amin'ny ilan'ny sambo.' Noraisin'izy ireo ny Teniny. Hoy

Petera hoe, 'Tompo, efa nanjono nandritry ny alina manontolo izahay, nefa tsy nahazo na inona na inona. Kanefa, noho ny Teninao, dia hatsipinay ny harato.'" Izany ilay izy, "Noho ny Teny!"

149 Nisy Zavatra niteny tamiko hoe, "Andriamanitra dia mahafantatra an'ilay trondro. Lazao fotsiny ny Teny dia jereo izay mitranga amin'io trondro io."

150 Hoy aho hoe, "Ry trondro kely, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, miverena amin'ny fiainana."

151 Ary Andriamanitra, no mpitsarako ambony, miaraka amin'ireo lehilahy anankiroa izay nijoro tany ireo, fa nivadika tamin'ny ilany io trondro kely io ary nilomano niala teo haingana arak'izay tratrany, velona indray. "Lazao ny Teny!" Andriamanitra Tsitoha, tahaka ny hitsanganako eto Anoloany eo amin'ny fanatrehan'ity fikambanana ity ary ity Baiboly ity, no mahalala fa izany no fahamarinana.

152 Raha eo an-dàlam-pahafatesana ireo olona, kanefa Andriamanitra mbola maneho ny Heriny amin'ireo Je-. . . amin'ny Vavolombelon'i Jehovah, fa Izy no fananganana sy Fiainana, ary tsy misy afa-tsy Izy no mahafantatra an'izany. "Mitenena ianareo, ary minoa fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo."

153 Inona izany? Andriamanitra maneho ny Heriny; tsy izaho, voaloboka iray fotsiny. . . na sampana iray. Izy no manome hery an'ilay sampana noho izany dia tsy afaka ny hiala tanteraka amin'ireo feo ireo aho. Inona no mba hieritreretako an'ilay trondro kely, maty nandry teo, nefa izahay aza dia naka azy ireny mihitsy sy namandrika tamin'ilay fintana? Nihantona teo io trondro kely io, nandry teo, maty.

154 Atoa. Woods sy izy ireo izay mipetraka eto mihitsy, mijery ahy ankehitriny, vavolombelona iray an'izany. Ary ilay Fanahin'Andriamanitra dia nitsoka nidina teo amin'io lohasaha io, mandra-pahatonganareo hieritreritra fa ho tonga ny Fampakarana. Mitovy, hany ka, niantsoantso Atoa. Wood ka nanao hoe, "Oh, tsara ny tonga eto!" Hoy izy, "Rahalahy Branham, tena faly izahay tonga eto!" Ny fitenenana tokana azon'izy ireo nomena dia noho ny maha-rahalahin'izy ireo ahy. Ary nitodika haingana aho. . . Satria, hitan'izy ireo fa Andriamanitra no nampiasa ahy hiteny fiainana ho an'ny trondro iray.

155 Ary, ankehitriny, toy ny hoe adaladala izany, saingy izany ilay Andriamanitra tsy miova izay niteny fiainana tamin'ilay opossum maty izay nandry tany tao amin'ilay tokotany. [Nandondona in-enina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Izy no Alfa sy Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana. Izy no Fiainana, ny fananganana. Izy no Hery,

ilay Tokana mandrakizay. Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay!

156 Izany no manome ahy hahafantatra an'izao, fa indray andro any, rehefa hiala amin'ity vatana mety maty ity ny aina, ka handry any aho, dia mbola, raha liana tamin'ny trondro anankiray Izy, azo antoka fa liana amiko sy aminareo Izy, izay miezaka ny hanompo Azy. Ary amin'ny andro iray be voninahitra dia ho avy Izy. Tsy ilay sampana, fa ilay Voaloboka Izy tenany no hiteny avy ao amin'ny Foibeny ao amin'ny Voninahitra, ary ireo izay mandry ao amin'i Kristy no hitsangana ary handeha ho ao amin'ny Fiainana mandrakizay.

157 Fihetseham-po toy ny inona! Tsy misy afaka milaza an'izany. Rehefa mahita trondro maty iray ianareo mandry eo ambonin'ny rano, miaraka amin'ny tsinainy mivoaka avy eo amin'ny vavany, noho ny lehilahy be tànana iray izay nangeja an'ilay trondro, tahaka an'*izao*, ary naka azy ka nanolana azy. Ary henonareo izy triatra, rehefa notriariny ireo tsinainy nivoaka tamin'ilay trondro. Natsipiny tany anaty rano ilay biby kely. Nangovitra in-efatra na in-dimy izy, sy nitsipatsipaka, dia izay no izy. Ny mahita an'ilay biby kely, tao anatin'ny fotoana nitenenana an'ilay teny fotsiny, [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] nampilomano ny tenany indray tamin'ny toerany, velona mihitsy tahaka azy hatramin'izay, ary nilomano nidina tao amin'ilay rano, haingana arak'izay tratrany, niverina indray nikambana tamin'ireo trondro namany.

158 Andriamanitra Izy. Fantany izay nisy an'io trondro io. Tena mitovy mihitsy tamin'ny Nahafantarany fa ilay anankiray dia nisy vola iray tao am-bavany. Tena mitovy mihitsy tamin'ny Nahafantarany raha nanipy izy. . . Raha ireo olona ireo, hoy izy ireo. . . Ao amin'i Masindahy Marka ny toko faha-5, Izany dia nilaza fa Jesosy dia nindrana ny sambon'i Petera tany ary nandeha nanjono. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Mankanesa any amin'ny lalina." Rehefa nanjono izy ireo, rehefa. . . Fantatr'izy ireo mihitsy aza fa nanjono nandritry ny alina manontolo izy ireo nefa tsy nahazo na inona na inona. Tena tahaka ny nanaovantsika an'ilay zavatra mitovy ihany, nefa tsy nahazo na inona na inona. Saingy, tian'Andriamanitra ny hahita raha nandray ny Teniny izy ireo, koa dia hoy Izy hoe, "Atsipazo any amin'ny lalina ny harato." Raha tsy nisy trondro tao, dia ny fandraisana an'Andriamanitra amin'ny Teniny no hametraka sasantsasany ao. Izay ihany no tokony ho izy.

159 Noho izany, io Andriamanitra io ihany, ao amin'ilay Toetrany tsy miova izay tany am-piandohana, no mbola ilay Andriamanitra tsy miova amin'ny alàlan'ny toetra tsy miova amin'izao andro izao. Izy no Voalohany, ny Farany. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mbola Andriamanitra Izy.

160 Noho izany, ianareo izay eto izao maraina izao, ka hivavahana, mamelà ahy hiteny zavatra anankiray aminareo. Mahita an'ireo fanambarana ireo; ary Andriamanitra no vavolombelona na marina izy ireo na tsia. Marina izany. Miandry zavatra lehibe ianareo. Miezaka ny mandinika zavatra anankiray goavana be ianareo eto, nefa dia tena eo akaikinareo ilay izy. Marina izany. Ilay tena Andriamanitra izay nametraka ny hanoanana ao anatin'ny fanahinareo, mba hanatona hivavahana, no mbola ilay tena Andriamanitra tsy miova izay nanome ny aina tao amin'io trondro io; ilay tena Andriamanitra tsy miova izay nampijanona an'ilay ombilahy tao amin'ny saha; ilay tena Andriamanitra izay namono an'ilay adala tany teo anatrehako; ilay Andriamanitra tsy miova izay nanala an'i Daniela avy tao amin'ny lavaky ny liona; ilay Andriamanitra tsy miova izay nanao hoe, "Alatsaho aty amin'ny ilany ny haratonareo, ary mandehana any amin'ny lalina." Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

161 Tsy mety diso ny Asany. Tsy mety diso ny Toetrany. Ary ny Asany no manambara ny Toetrany, noho izany dia nitsangana Izy androany ary eto afovoantsika Izy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary isika no vavolombelon'ny Toetrany.

162 Ny Toetrany no nanova ahy. Rehefa tonga teo amiko izany, mpanota aho fahiny; fa ankehitriny voavonjy aho. Very aho fahiny; ankehitriny hita aho. Tia an'ireo zavatr'izao tontolo izao aho fahiny; mankahala an'izany aho ankehitriny. Tsy niraharaha an'Andriamanitra aho fahiny; tiako Izy ankehitriny. Nisy Zavatra nitranga teo amiko. Nisy Zavatra nitranga teo aminareo. Inona izany? Izany no asan'Andriamanitra manambara ny Toetrany.

163 Tia antsika Izy. Liana amin'ny fanasoavana anareo Izy. Liana amin'ny fanasitranana anareo Izy. Liana amin'ny fanahinareo Izy. Tsy hamela Azy hanana ny Làlany ao amin'ny fiainanareo ve ianareo? Aza misalasala ny Aminy na amin'ny inona na inona. Mandehana, mino Azy, ary Andriamanitra no hanome anareo ny fanirian'ny fonareo, fa ny Fahatsarany no hanao an'izany. Maniry ny hanao an'izany Izy. Saingy, ny zavatra amin'ilay izy, dia isika no mikorontana tanteraka. Mipetraha tsara!

164 Jereo izany, manaova hoe, "Andriamanitra, izaho izany. Tsy mampaninona na iza no mivavaka ho ahy, na inona no mivavaka ho ahy." Tsy mila Oral Roberts anankiray izany, Billy Graham anankiray, na William Branham anankiray, na A. A. Alan anankiray. Mila an'Andriamanitra izany. Marina izany. Mila ny finoanareo izany, mifantsika tsara any amin'Andriamanitra any.

165 Manaova hoe, "Andriamanitra, Izany no Fahamarinana, ary eo ihany aho no mitsangana." Ary avelao—avelao izany ho voatahiry *ato*, mandra-pahatongan'izany hilentika *ato*, avy any

amin'ny lohanareo ka hatrany amin'ny fonareo, ho . . . ary ho lasa zava-misy, amin'izay fotoana izay dia hety izany. Rehefa tonga ao amin'ilay fo ihany vao afaka miasa izany.

166 Ny Tompo hitahy anareo ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika isika. Ataovy eo amin'ny fonareo ny fanirianareo. Apetraho eo anoloan'Andriamanitra izany, izao ankehitriny izao, (Hataonareo ve izany?) raha mivavaka isika. Raha ho an'ny famonjena izany, raha ho an'ny . . . Na ho an'ny inona izany na inona, apetraho eo anoloan'Andriamanitra izany izao ankehitriny izao rehefa mivavaka isika.

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

Raha làlam-piainana maizina no diaviko, (Aoka ho tony ankehitriny.)
Ka ireo alahelo no mivelatra manodidina ahy,
Aoka Ianao no Mpitari-dàlako;
Didio ny aizina hivadika ho andro,
Foano ny tahotro rehetra,
Ka aza mamela ahy hivily
Hanalavitra Anao.

167 [Manomboka misamonomonona *Ny Finoako Miandrandra Anao* Rahalahy Branham—Mpand.]

168 Isaorana ny Tompo, afaka niteny izahay tahaka an'ireo izay nijoro teo amin'ilay tendrombohitra tamin'izany andro izany, ka nanao hoe, "Tsara amintsika ny mijanona eto. Ka hanorina tabernakla telo isika, hametraka pasitera ao amin'ny tsirairay." Fa nihodina haingana ilay Feo ka nanao hoe, "Izy no Henoy. Izy no Zanako." Ankehitriny dia aoka izahay tsy hitodika amin'ireo pasitera, amin'ireo Mosesy sy ireo Elia, ary amin'ireo lehilahy malaza an'ny tany, na dia tena mankasitraka azy rehetra ireny aza izahay. Fa, Ianao no niteny mba hihainoanay Azy.

169 Ary ny Teniny no niteny an'izao, (fa tsy ny tenin'i pasitera, tsy an'ny evanjelista mihitsy koa), "Na inona na inona zavatra irianareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa voarainareo izany, dia ho azonareo izany. Raha hiteny amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe, 'Mifindrà, ary mianjerà any andranomasina,' ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo." Mety tsy dia ho tonga haingana izany, tsy tonga haingana izany na dia tamin'i Abrahama sy Saraha aza.

170 Fa hoy Ianao hoe, "Raha mino ianareo fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo." Ankehitriny, Ray, izao

no fivavakay. Raiso izahay izao ankehitriny izao. Raiso ny fonay ho eo an-Tànanao ary poreto izany ho tena voagejan'ny fitiavana, hanosika ny tahotra rehetra sy ny tsy finoana hiala amin'izy ireo, hanao azy ireo ho poak'aty sy foana. Ary amin'izay fotoana izay dia fenoy avy hatrany izy ireny amin'ny Fanahinao, tahaka an'ilay tara sy ilay dity niditra teo amin'ilay sambofiara, mba hanala ny tahotra sy ny fisalasalana hiala amin'izay nihaviany tao amin'ny fonay indray. Ary ataovy ho Taozavatrao izahay, mba Hahafahanao manambara ny Toetranao, any amin'izao tontolo izao, amin'ny alàlanay, tahaka ny epistily voasoratra vakian'ny olona rehetra.

171 Enga anie ny tsirairay izay . . . voahosotra. Izany no Nolazainao fa hatao. Enga anie izy ireo ho sitrana, androany. Manomboka amin'ny olona tsirairay, manomboka amin'ny aretinify, hatrany amin'ny jamba, ory, na inona izany na inona, enga anie izany finoana izany hifantsika ankehitriny ao amin'ilay fo izay natahotra sy nisalasala rehefa tonga izany.

172 Ary, O Andriamanitra, tsaroako foana . . . Ny tenako, izahay telo lahy; tahaka an'i Petera, Jakoba ary Jaona izay nijoro teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy ka nahita an'izay Nataonao tany. Tsy ho hadinonay mihitsy ilay helodrano kely tany Fanny Creek tany, raha mbola manana fahatsiarovana sy fitadidiana foana izahay. Mety tsy dia midika ho zavadehibe izany amin'izao tontolo izao, saingy rehefa nahita ny hery faratampon'Andriamanitra izahay, ilay maha-manerana an'Andriamanitra velona nidina ary nanana fangorahana, be dia be teo amin'ny taranak'olombelona, mba haneho ny Herinao, tamin'ny alàlan'ny nitondrana an'ilay trondro kely izay maty teo ambonin'ny rano, niverina tamin'ny fiainana indray, izany dia tena mety handalo fotsiny eo ambonin'ny mpisalasala iray na tsy mpino iray. Fa, toy ny ahoana no hisoratan'izany ao anatin'ny fo Kristiana!

173 Fantatray fa Ianao no Andriamanitra. Ianao no Andriamanitra tsy miova ato amin'ity efitra ity izao maraina izao. Toy ny inona no mbola Hikarakaranao ny olona ato amin'ity efitra ity, an'ireo lehilahy sy vehivavy, tahaka ny Nataonao ho an'ilay trondro kely! Midika inona Aminao moa io trondro kely io? Tsinontsinona; fa manambara ny Asanao fotsiny. Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanambaranao ny asanao amin'ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy, zazalahy sy zazavavy, eto androany.

174 Raha misy eto, Tompo, izay tsy mahafantatra Anao, ho Mpamonjiny, tsy mbola nanana fahatsapana, ka maniry hanafoana ny fony, androany, amin'ireo zavatra rehetra sy ny loton'izao tontolo izao, mba hahatonga Anao hameno ny fony amin'ny fitiavana, tahaka ny nanaovan'i Noa an'ilay sambofiara tamin'ny dity, mivavaka aho mba Hombanao azy ireo, amin'izao minitra haingam-pandeha ankehitriny izao izay

nijanona ao amin'ilay fandaharana. Ekeo izany, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy.

Ary raha mbola miondrika ny lohantsika:

> Enga anie ny Fahasoavanao manan-karena hanome
> Ny hery ho an'ny foko reraka,
> Ny zotom-poko no mamelona!

175 Ankehitriny raha mila an'i Kristy ianareo, raha mbola mihira izy ireo, te-hanafoana ny fonareo, izao maraina izao, ary Andriamanitra handray anareo amin'izay maha-izy anareo eo mihitsy, dia hanangana ny tànanareo ho Azy ve ianareo. Manaova hoe, "Tsarovy aho." Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Ary ianao, tompoko. Ianao, ranabavy. Ianao, rahalahy. Ianao. Olona hafa, ny eto amin'ny ankavanako eto? Atsangano ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Olona hafa hiteny hoe, "Te-hanafoana ny foko aho." Andriamanitra hitahy anao, ranabavy, iry aoriana iry.

> Avelao aho manomboka amin'ity andro ity
> Ho Anao manontolo!

176 Olona hafa izay te-hanangana ny tànany ankehitriny, mialohan'ny vavaka mihitsy?

177 Ray, Andriamanitra, Ianao no mahita ny tànana tsirairay. Fito na valo, tànana folo no mitsangana. Manafoana ny tahotra rehetra sy ny tsy finoana izy ireo ankehitriny. Manambara Anao izy ireo ankehitriny ho ilay Tokany izay ampy tanteraka, ho Mpitia azy, ho Mpamonjiny, ho Mpanasitrany. Ny fisalasalana sy ny tahotra rehetra, dia maniry izy ireo ny hanesorana an'izany hiala amin'izy ireo. Mivavaka aho mba Hanekenao an'izany, Tompo, amin'ny alàlan'ny Fahasoavanao lehibe. Avelao izany ho tonga androany mihitsy.

178 Raha afaka niteny Fiainana tamin'ny trondro anankiray Ianao; niteny Fiainana tamin'ny zazalahy kely anankiray maty; niteny fiainana tamin'i Elij' Perry nandry tany, maty, ary ireo tànany niforitra; niteny fiainana tamin'ny zaza kely iray, maty tany Mexico tany; niteny fiainana tany tao amin'i Lazarosy, taorian'ny efatra andro nahafatesany. Tsy mihoatra noho izany ve no andraisanay ny fijoroanay, androany, eo amin'ilay Vatolampin'ny Teniny Mandrakizay, ka mijery any ankoatr'ity aloky ny fisalasalana ity, Izy izay nanao hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana." Enga anie ny finoana no haka ny toeram-pitsaharany eo Aminy ankehitriny, ilay Vatolampy mafy, Kristy. Ary enga anie izy ireo hahazo ny zavatra rehetra izay nangatahany. Henoy ny vavakay raha mivavaka amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

179 Ankehitriny raha mbola mihira indray isika, dia raiso ny tànan'ny olona eo akaikinareo. Mitoera tsara fotsiny ankehitriny, isika dia . . . Mbola tsy tapitra ny fotoana, hitanareo.

Tiako Izy, . . .

180 [Nandao ny fanamafisam-peo Rahalahy Branham ary miresaka amin'ny olona anankiray—Mpand.]

Nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

181 Mahatsapa ho voakosoka ve ianareo rehetra? Mahatsapa ho tsaratsara kokoa ve ianareo ankehitriny? Tsapanareo ilay Teny . . . Izany dia—Izany dia—Izany dia—Izany dia ilay Ràn'ny Tompo Jesosy manadio, izay mandeha avy hatrany ao amin'ny fo, manadio antsika amin'ny ota rehetra sy ny heloka.

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Ankehitriny, Rahalahy Neville.

Minoa Avy Ao Amin'Ny Fo MAG57-0623
(Believe From The Heart)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 23 Jona, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org